AMBOHIDRATRIMO

# LEHILAHY HITA FATY NIHANTONA TAO AMIN' NY EFITRANO FITOERANA VATAM-PATY

5

MARINA IZANY !

## MIHENJAN-DROA NY TADY !

6

POETY REBELY

## NIVOAKA ILAY HORONAN-TSARIMIHETSIKY NY SLAM "KONFESIKO"

2


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


Gazetiko

## FENO 26 TAONA

9


Laharana 7840 Taona faha-26 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 08 aprily 2024


MOTORSHOW 2024

11



## ANKIZY MARARY 200 ISA NO NISITRAKA TOMBOM-BAROTRA

ANTENIMIERAMPIRENENA

6

# METY HO TAFAPETRAKA RAHAMPITSO IZAY HO FILOHA MPISOLO TOERANA




RUGBY / CAN 2024

10

## VONONA NY MAKIS








Poety Rebely

# Nivoaka ilay horonan-tsarimihetsiky ny Slam “Kônfesiko”

Roapolo taona mahery izao no efa nitsoka teto Madagasikara ny rivotry ny Slam izay rantsana iray ao anatin’ny HIP HOP. Kolontsaina avy any ivelany izy io saingy efa manomboka mahazo vahana eto amintsika. Tsy mifanalavitra loatra amin’ny fanaovana tononkalo miady rima na poezia ilay izy ka mora ho an’ny tanora no nandray azy ary saika tanora daholo aloha hatreto no tafaroboka ao anatiny. Anisan’ny mivoy izany nandritra ny 14 taona i Olsenie Faramalala Elia Rasoanaivo fantatra amin’ny anarana amin’ny maha mpanakanto azy hoe Poety Rebely. Ny Slam Poezy arahina feon-kira, “Spoken Word” na fanoavana Poezia amin’ny endriny ankehitriny no tena manavanana azy. Tanjon’i Poety Rebely ny hitondra avo ity kanto iray ity. Mitady hevitra hatrany hanatsarana izany izy mba hampilaharana ny Slam Poezia amin’ny kanto hafa. “ *Matetika rehefa vita ny seho iray ataon’ny mpanao Slam dia tsy misy tohiny intsony fa samy mangina any amin’izay misy azy any. Matetika ihany koa ny mpanao Slam ihany no mpankafy sy mijery ny fampisheoana momba ny Slam iray. Mba hioarana amin’izany no antony nahatonga ahy nitady hevitra hafa mba ho tsy ho ny mpanao Slam ihany no vasarika amin’ny seho iray fa ny karazan’olona rehetra mihitsy”* hoy i Poety



Anisan'ny fomba iray azo hampitan-kevitra tsara ny Slam sy sarimihetsika ampiarahana tahaka ity "Konfesiko" ity.

Rebely. Anisan’ny nisantarany izany tetikasany izany ny famoahany ny rakipeo “Anindaotse” tamin’ny Avril 2023. Tsy nijanona teo anefa izy fa niezaka hatrany mba hampitombo isa ny olona hankafy ny Slam. Namoaka horonan-tsarimihrtsika fohy nampitondrainy ny lohateny hoe ”Kônfesiko” izy ka ny Asabotsy teo no nampahafanarana azy voalohany tetsy amin’ny CGM Analakely mialoha ny ahitan’ny olondrehetra azy .

**Hampitana hafatra**

Notsongain’i Poety Rebely tao amin’ny Rakipeo “Anindaotse” io Slam hoe Kôfesiko io fa nampiainina tamin’ny horonan-tsary. Araka ny tantara dia*“Mitantara ny vehivavy iray vonton’anatra sy lehibe tao anatina fiarahamonina krisitianina i “Kônfesiko”. Nanomboka tao amin’ny fianakaviany, teny am-pianarana hatrany amin’ny oniversite dia ny masera hatrany no nampiantrano azy. Nifanerasera tamin’ny karazan’olona maro teny ambaratonga ambony saingy solafaka tamin’ny fitondran-tena sy ny fomba fisainana. Nivadika ary nitia sy niaraka tamin’ny sakaizan’ny namany akaiky niara nobeazina taminy ka nanolotra ny sarobidy avy any aminy ho an’ity olontiany. Niteraka vesatra sy alahelo ary nampiova ny fomba fisainana izany ka nahatonga azy handray fanapahan-kevitra hiala amin’ny zavatra tsy nety nataony”.* Nambaran’i Poety Rebely fa ny tranga hitany sy iainan’ny mpiara-belona aminy sy ny fiarahamonina manodidina azy no nakany ity “Kônfesiko” ity. Mitondra anatra ary mahatonga ny saina handeha lavitra fa sarotra ny miaina rehefa tsy mampihatra ny anatra sy manaraka tsara ny fitaizana ary ny maha zava-dehibe ny finoana.

Anisan’ny fomba iray azo hampitaina hevitra tsara ny Slam sy sarimihetsika ampiarahana tahaka ity “Konfesiko” ity izay heverin’i Poety Rebely fa ahasarika olona kokoa. Maro ny nandray anjara teo amin’ny fanatontosana azy ho amin’ny endriny kanto sy tsara ka anisan’izany i Anthony Relisa, Nazaria Tooj teo amin’ny lafiny teknika, Andry Kossel, Ange Ralaiheilinarivony sy Ivy Rose, Misstik Rajoelison, Johan Sandro. Fy Razafinjato sy Li Corne, Anjara Helisoa-landy, Maro Ranaivomamonjy, ary Cédric Rakotoarisoa sy Elio Freddy.

**Nangonin’i Tiaray R**

"AfroMada Music Awards 2023"

# Ambondrona, Wada & Yoogns, Mad Max sy MK DI hiatrika famaranana

Atao eto amitsika ny andiany voalohany amin’ny hetsika “Afromada Music Awards 2023” izay hisafidian’ny mpankafy aty Afrika izay mpanakanto tiany sy nanamarika azy tamin’iny taona lasa iny. Firenena 58 aty afrika no nandray anjara ary efa tonga amin’ny dingana farany izy amin’izao fotoana izao. Araka ny tatitra dia manana solontena efatra handray anjara amin’ny famaranana isika ka eo amin’ny sokajy anaty vondrona na tarika dia ny Tarika Ambondrona sy Wada sy Yoogns no hisolotena antsika hiatrika famaranana. Eo amin’ny mpanakanto fantatra fa manana ny ho aviny manokana aty afrika dia Mad Max sy MIK Di no voasafidy amin’ny famaranana. Tsy nanana solontena kosa isika teo amin’ny sokajy hafa. Toerana telo samihafa amin’ny daty sy fotoana samy hafa no hanatanterahana ny AfroMada Music Awards n any AMMA 2023.Etsy amin’ny Novotel Ivandry no hanokafana ny hetsika ny 25 Septambra ho avy izao. Eny amin’ny CCI Ivato no hanatanterahana ny fankalazana ny 30 septambra, ary ny 1 oktobra ny famaranana ny hetsika izay tanterahina eny amin’ny hotely Ibis. Hanana ny anjara toerana lehibe eo amin’ny fanomezana naoty sy ny fisafidianana ny mpankafy amin’ity hetsika ity ary ny fitabaran’ireo naoty ireo no ahafahana mamantatra izay hahazo ny amboara lehibe sy ny lelavola. Loka sy mari-pakasitrahana tsy latsaky ny 30 moa no ho zaraina mandritra ny famaranana. Efa misokatra any anaty tambajotra sosialin’ny AMMA moa ny fisafidianana ka andao samy hanohana ny solotenan-tsika isika.

**Tiaray R**



Ireo solotenantsika hiatrika famaranana amin'ny AMMA 2023.

Reko Band Antsahamanitra

# Namaly ny antson’ny tarika ny mpankafy teto Antananarivo

Tontosa araka ny fanirian’ny mpikaraka sy ny tarika Reko Band ny fampisehoana tetsy amin’ny Antsahamanitra omaly izay tafiditra ao amin’ny hetsika “Reko Tour 2024”. Namaly ny antson’izy reo ny mponina, indrindra ny mpankafy teto Antanananarivo. Anisan’ny nanamarika ny hetsika ny fahatontgavan’i Bolo sy Mirado nanafana ny sehatra izay nitondran’izy ireo ny tsara avy any aminy. Nahavariana ny rehetra ny haingon-tsehatra sy ny jiro maro loko. Nanome lanja izany ihany koa ny Ecran Geant izay nametrahan’ny Nyr Image ny trakefany sy ny talentany eo amin’ny tontolon’ny sary.

Fa ankoatra izay, araka ny efa nampahafantaran’ny Reko Band dia tamin’ity omaly ity ihany koa dia nisy ny fanangonana boky avy amin’ny mpankafy ao anatin’ilay tetikasa Reko Boky. Ny boky voahangona amin’izany moa dia zaraina amin’ireo sekoly ahitana ankizy sahirana. Ny hetsika moa dia notohan’ny orinasan-tserasera Telma Madagasikara. Izy ireo izay manohana hatrany ny kanto sy ny kolontsaina malagasy. Any faritra sy toerana hafa indray no handehanan’ny tarika aorian’ity tetsy Antsahamanitra ity.

**Tiaray R**



Hitety faritra hafa indray ny Reko Bandy aorian'ity teo Antsahamanitra. ity

## Tafa....sika

Hary (MR Razafy)

# "Niara-nihira tao amin'i MR Razafy izahay 3 vavy mpiray tampo"

*Tamin'ny 1960 no nijoro ny tarika MR Razafy. Efa maro ireo mpihira nandalo tao, fa ny naharitra indrindra dia i Mamy, Hary ary Lova, izay mpirahavavy iray tampo. Nanomboka ny taona 1983 izy ireo no tao, efa nodimandry i Lova sy Mamy, fa i Hary kosa manohy hatramin'izao na monina any Frantsa aza. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*

**Gazetiko** : Firy taona izao no naha mpikambana anao tao amin'ny MR Razafy ? Mba tantarao hoe ny nahatonga anao lasa mpikambana tao ?

**Hary** : « *Taona 1983 no naha mpikambana ahy tao. Teo ampanofana ny zavamanenonay no nandrenesan'i Mr Razafy ny feonay ka nahababo azy ary nanao fifanarahana hoe sady hanao ny hiran' i Mamy sy Hary sy MR Razafy. Kanjo tsy ampy ny fotoana, dia ny hirany ihany no lasa nataonay telo mirahavavy : Mamy vavimatoa, Hary vaviaivo, ary Lova faravavy kely izay efa nodimandry koa. Maro no niatrika fifantenana tamin'izany, fa ny feonay telo no nandresy lahatra azy ary izahay telo dia ohatran'ny kambana eny ambony sehatra. I Mamanay koa mpanjaitra dia hainy ny nampihaingo anay* ».

**Gazetiko** : Iza daholo izao ny mpikambana ao amin'ny MR Razafy ? Nankaiza daholo izany ireo mpikambana teo aloha ? Mpihavana daholo ve ianareo mpikambana ao amin'ny tarika ?

**Hary** : « Ny mpikambana taloha izany, mbola ao Roland niara-niditra taminay 1984 izy no tao niaraka tamin'i Doda.



Dia nisinda kely Roland, dia i Dina sy Mamy ( maty 2 taona lasa izay). Dia nosoloin'i Herry izay mbola ao hatramin'izao. Ankehitriny, izany satria Rinah no nanolo an'i Lova Rinah, zanak'i Mamy ihany. Mpikambana ao izany izao : Hary, Roland, Rinah,Herry, Clara sy Dina, Davy (vadin'i Mamy, mpitendry clavier sady manajera). Fa efa betsaka ireo zokinay ka tsy fantatro hoe andiany fahafiry fa ny fantatro taloha Salomon, Romule, Mamy Rakotomalala, Lisy, Nivo, Voahangy (papa James), Neil sy Nora, efa nandalo tao daholo. Betsaka fa tsy haiko ilay anarana fa izahay telo no tamin'ny 1983. Ny nahatonga ilay anarana Les 5 zany dia nisy vazaha nijery fampisehoana, dia mora taminy ny niteny hoe Les 5 dia raikitra Les 5 no niantsoana anay.

**Gazetiko** : Iza no mamorona ny hiran'ny tarika MR Razafy ? Mamy no mpihira tao amin'ny tarika rehefa lasa ny mamanareo, taty aoriana lasa koa i Mamy. Iza indray no manjaitra ny akanjon'ny mpikambana amin'izao ?

**Hary** : « *I Tompokolahy Razafindramanitra Antoine no namorona ny hiran'ny tarika. Ny fitafiana rehefa miaka-tsehatra indray, ny mamanay tamin'izahay vao nanomboka. Taty aoriana i Mamy. Rehefa nipetraka taty Frantsa aho, dia izaho no mitondra ny akanjo hoentinay miaka-tsehatra. Fa ny akanjonay mbola betsaka ireny fitondranay taloha ireny mbola voatahiry ao. Fa misy fotoana ny lokon'ny akanjonay no ezahanay ampitoviana fa samy manana ny azy* ».

**Gazetiko** : Album firy izao no efa navoakan'ny tarika MR Razafy ? Hisy hetsika hotanterahanareo ve ato ho ato ? Ianao ve mba miaka-tsehatra manao hiran'ny tarika any ampita any sa rehefa tonga aty Madagasikara ihany ?

**Hary** : « *Hatramin'ny taona 2000 no ho mankaty, tahirin-kira roa no vitanay. Eo ampikarakarana hetsika mihitsy izahay izao. Ny tarika tsy matory fa mihetsika foana izahay. Aty Frantsa, betsaka ny mitady ahy hoe andao hihira hanao ny hiran'i MR Razafy fa tsy mety aho. Ny antony manaja ny maha tarika anay izaho ka raha tsy izahay mpikambana no miaraka dia tsy mety amiko* ».

**Gazetiko** : Inona no toro-hevitra omenao ho an'ireo mpanakanto ankehitriny ? Inona no tsiambaratelo ka mahatonga ny hiran'ny MR Razafy mbola ankafizin'ny olona



hatramin'izao ? Mivoatra ve ny zavakanto malagasy raha ny fahitanao azy ? Azo ivelomana ve ny mihira ho an'ny malagasy raha ny fahitanao azy (niainanareo taloha sy ny ankehitriny)?

**Hary** : « *Izaho ilay mipetraka aty dia tsy arako firy ilay hoe mpihira ankehitriny. Tsy haiko izay lazaina. Fa ny hiranay indray matoa mbola mitoetra hatramin'izao, dia hira mampi-hetsi-po, natao ho an'ny rehetra indrindra ny fianakaviana. Rehefa misy fetim-pianakaviana dia re hatrany ireny hoe « Mariazy », « Vazon'ny tatsambo », sy ny maro hafa.*

*Ny hoe azo ivelomana tsy hitako loatra izay lazaina satria izaho tsy mipetraka any. Fa tamin'ny andronay natao fialamboly ka ny any ampaosy indray aza no manaraka indraindray.*

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Erick Manana

# Hanolotra seho tokana etsy amin'ny CCEsca Antanimena

Tamin'ny 22 febroary no efa nisy ny vinavina fa ho avy hanatanteraka seho tokana eto Antananarivo i Erick Manana. Ny 11 martsa no fantatra fa tena raikitra ilay seho. « *Ohatra ny ho raikitra tampoka ity fampisehoana tokana izay ho ataoko ao amin'ny CC Esca Antanimena amin'ny alahady 14 aprily 2024 ho avy izao ity !(…)* », hoy izy ny 22 febroary. « *Tsy honohono intsony fa izay vao tena raikitra ilay seho ataoko ny 14 aprily*», hoy izy ny 11 martsa tao



**"Efa tsy mahandry ny ho tafaraka aminareo mpankafy", hoy izy.**

anatin'ny pejiny. Nanomboka teo, nivoy matetika io fahaton-gavany sy ny fivoaran'ny fikarakarana ity fiakarana an-tsehatra tanterahany ity i Erick Manana. Anisan'ny mpana-kanto tena mampiasa ny pejy fesibokiny hitantarana ny programany sy ny vaovao ny (tontolon'ny mozika na fiainany manokana indraindray) ity kintan'ny mozika folk monina any ampitandranomasina ity. Mahita hirika hatrany izy hitantarana sy hizarana amin'ny mpankafy mba hitazonana ny fifandraisana sy ny fifankatiavana. Vao afak'omaly, izy no naneho ny sariny mahatsikaiky, izay namboariny hanana endrika lahiantitra efa manjoko nefa mbola mitsiky hatrany. « *Sary manal'azy…antitra ihany ity ny farany !* », hoy izy.

**Ekipa eto an-toerana**

Araka izany, raikitra ilay seho tokana amin'ny alahady 14 aprily ao amin'ny CCESCA Antanimena. Hanomboka amin'ny 3 ora folakandro ny fotoana, izay hiarahany amin'ireo mpitendry sy mpanakanto avy eto an-toerana avokoa. Hanampy azy amin'ny fitendrena zavamaneno i Tsanta, Titi, Solofo ary Toufa. Ho vahininy ao anatin'ny fampisehoana kosa ireo efa mpanaradia azy hatramin'izay rehefa mandalo eto an-tanindrazana indrindra anatin'ny seho goavana toa izao i Kolibera mianaka (Rakôly sy Nini), Bebey ary Benny.

Anisan'ny toerana ankafizin'i Erick Manana ny manatan-teraka hetsika ao amin'ny CC Esca hatramin'izay. Ny antony, mahafapo azy kokoa ny kalitaon'ny feo avoakan'io efitrano io, izay azo lazaina fa manaraka ny fenitra.

Raha ny fahitana ny programany ao anatin'ny pejiny, vetivety ihany dia hiverina any ampita ny lehilahy. Satria ny 20 aprily izy ao amin'ny Nosy La Reunion, ary ny 27 aprily izao, efa manome fotoana ny mpankafy azy any Rennes indray.

**Fy**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-5)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 792/7-5)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-2)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-15)

Ambohibary Vohilena

# Tranon'ny sefo fokontany iray may

Nisehoana haintrano tany amin'ny fokontany iray ao anatin'ny kaominina Ambohibary Vohilena, ao anatin' ny distrikan'Anjozorobe ny herinandro lasa teo tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro. Tranon'ny sefo fokontany iray tany an-toerana no kilan'ny afo tamin'io fotoana io. May avokoa ny ankamaroan'ny entana rehetra tao an-trano. Tsy fantatra mazava ny antony nahatonga ny firehetana fa ny afo efa nidedaka no hitan'ny olona avy eny ivelany. Tao amin'ny efitra iray no niandohan'ny afo ka nananika ny trano iray manontolo izany avy eo. Nanoloana ny afo nijoalajoala dia niezaka nanao izay ho afany tamin'ny famonoana izany ny fokonolona tany an-toerana. Tao ihany koa ireo niezaka namoaka ny entana nankany ivelany.



Tsy nisy noraisina ny ankamaroan'ny entana tao vokatry ny firehetana.

**Tsy niitatra**

Efa nampandrenesina ny zava-nitranga ihany koa ny mpitandro filaminana ka tonga nanao ny asany tany an-toerana sy nanampy tamin'ny famonjena. Tsy niitatra tany amin'ny trano hafa ny lelafo fa voafehin'ireo fokonolona sy ny mpitandro filaminana fa na izany aza dia entana maro no io tsy nisy noraisina intsony io. Soa fa tsy nisy ihany koa ny naratra na namoy aina nandritra ity hain-trano ity. Taorian'izay dia efa nandeha ny famotorana mikasika ilay loza ka ny zandary avy ao amin'ny zana-tobim-paritra Ambohibary Vohilena no mandray an-tanana izany.

T.H

Minisitry ny fambolena sy fiompiana

# Tanjona ny fahatrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo



Fihaonan'ny Suzelin Ratoharijaona Rakotoarisolo, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana sy Eric Rwigamba Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana ao Rwanda.

Delegasiona niaraka tamin' ny filoha Rajoelina tany Rwanda, atoa Ratoharijaona Rakotoarisolo Minisitry ny fambolena sy fiompiana. Nisy ny fihaonana nataon'ity olom-panjakana ambony ity tamin'ny Minisitry ny fambolena sy ny fiompiana an'i Rwanda. Nivoitra tamin'izany fa hatao tanjona ny fahatrarana ny fahavina-tena ara-tsakafo ho an'ny Madagasikara. Anisany nidinika nifanaovan'ny minisitra roa tonta ireo. Izany hoe nifampizara traikefa entina hampivoarana ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana. *"Tsara ho marihina fa manana ny anjara toerany lehibe eo amin'ny fanohanana ny tantsaha amin'ny endriny maro ny fanjakana rwandais. Izay fomba fiasa izany no jerena sy ho afaka hampiharina eto amintsika.* Ankoatra izay dia firenena roa samy manana toekarena mifototra amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana ireo" *:* hoy ny minisitry ny fambolena sy fiompiana Malagasy.

**Tetik'ady**

Ho antsika dia 80 % ny Malagasy no mivelona amin'ny famokarana arampambolena raha ho an'ny zareo Rwandais kosa dia 69 % ny miasa amin'ny sehatry ny fambolena. Raha ny fahatrarana ny fahavitantena aratsakafo indray dia efa manodidina ny 80 % ny an'i Rwanda ary ho an'i Madagasikara dia mbola hatao tanjona manomboka izao ny hazahoana 100 % ao anatin'ny dimy taona. Manana tetikady sy rindrandamina mazava i Rwanda entina hampiroboroboana bebe kokoa ny amin'ity sehatry ny fambolena ity satria dia ny 70 % mponina rwandais no miankina ary mivelona amin'ny fambolena ary fambolena no mitondra ny 28% ny harinkarena faobe ho an'ny toekarena. Izany dia miteraka asa maro ho an'ny mponina ary miantoka ny fidirambola ho an'ny fianakaviana any an-toerana.

Deyland

Tsiroanomandidy

# Tovolahy kely nahafaty nitifitra tsy nahy ny zandriny

Zava-doza no niseho ! Ankizilahy 10 taona no nahafaty nitifitra tsy nahy ny zandriny vavy sahabo ho 8 taona, tao amin'ny toerana atao hoe Antsahatanteraka, fokontany Ambatomainty Ferme, kaominina Ambatolampy, Distrikan'i Tsiroanomandidy, tamin'ny zoma tolakandro. Raha ny fanazavana dia basy hadinon'ny ray aman-dreniny tao an-trano no voarain'ilay zaza. Nisy bala tavela anefa tao ka nipoaka tampoka izany ary dia nahatifitra an'ilay anabaviny. Nahazo ny fon'io zaza io ny bala tikana nipoaka. Tsy nisy azo natao intsony vokatr'io, tsy tana ny ain'ilay tsy manantsiny. Mba niezahana nentina haingana teny amin'ny hopitaly « CHRR » Tsiroanomandidy ihany koa saingy tsy nisy vokany intsony. Raha ny loharanom-baovao azonay dia voalaza fa tsy nisy olona tao an-trano tamin'io fotoana io. Mbola anatin'ny fanadihadiana ny raharaha moa ny mpitandro ny filaminana ka andrasana izay mety ho tohiny. Tsara ny manamarika fa zanaka mpisolo vava ity tra-doza ity. Heno ihany koa fa mety ho anisany kandidà hirotsaka amin'izao fifidianana depiote izao ilay raim-pianakaviana.

Deyland

Toamasina

# Jiolahy iray nikasa hamaky trano maty voatifitry ny polisy

Nirefotra ny basy tany amin'ny toerana antsoina hoe Valpinson any Toamasina ny sabotsy lasa teo. Jiolahy iray nikasa hamaky trano no maty voatifitry ny polisy tamin'izany. Araka ny fanazavana dia roa lahy nitondra antsy izy ireo no niaraka nanao ilay asa ratsy. Rehefa tonga tany amin'ilay toerana nokendreny hanaovana ilay vaky trano ry zalahy dia nihanika tamboho hahafahana miditra ao amin'ny faritr'ilay tanàna. Tsy nampoiziny anefa fa teo am-panaovana ny asa ratsiny mihitsy izy ireo no nisy olona nahatsikaritra ka tonga dia niantso polisy avy hatrany. Raha vao naheno izany ny polisin'ny Fip dia nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana voalaza. Tonga ara-potoana izy ireo satria mbola hitan'ireo mpitandro filaminana teo ireo olon-dratsy.

**Nenjehina**

Ireto farany kosa teo anatrehan'izay raha vao nahatazana ireo polisy dia lasa nanao tari-dositra nitsoaka. Tsy namelan'ny polisy izy ireo ka raikitra ny fifanenjehana. Tsy nety nijanona mihitsy ry zalahy ka voatery nampiasa ny fitaovam-piadiana tany aminy ireo mpitandro filaminana. Nitifitra izy ireo ka niantefan'ny bala ny iray tamin'izy roa lahy ary nitarika ny fahafatesany izany. Tafaporitsaka kosa ilay namany iray hafa. Araka ny fantatra dia mbola tratra tany amin'ity maty voatifitra ity ny antsy anankiroa fampiasany rehefa manao asa ratsy.

T.H

MANAL'AZY DE MI'MEME



Fakana an-keriny tao Anjozorobe

# Efatra mianadahy nidoboka am-ponja any Tsiafahy

Niakatra fampanoavana tamin'ny alakamisy teo ireo efatra miandahy voarohirohy ho mpiray tsikombakomba amin'ny jiolahy mpaka an-keriny, izay nitranga tao Vohitsara, kaominina Ambohibary Vohilena, Distrikan' Anjozorobe.Nidoboka am-ponja vonjimaika ireo olona ireo taorian'ny famotorana nataon'ny mpitsara ka nalefa avy hatrany any amin'ny fonjan'ny Tsiafahy. Tsara ho tsiahivina fa olona 3 no nisy naka an-keriny tao amin'io toerana voalaza etsy ambony io. Votsotra ihany ireo olona ireo saingy voalaza fa nandoa vola 100 tapitrisa ariary ho takalon'ny famotsorana. Nandritra ny fitazomana an-keriny an'ireo lasibatra dia nilaza izy ireo fa niharan'ny fampijalina isan'andro, isak'alina. Na dia ny fotoana izay natoriana aza tsy nisy nandritra ny iray volana. Anisany fampijaliana nanjo azy ireo ohatra : "asaina manao fandehana biby (marche canard, …sns), milona any anaty fotaka, mandohalika, atsatoka amin'ny tany loha rehefa hatory amin'ny alina … sns. Tena fijaliana mafy toy izany no niainan'ireto olona nalaina an-keriny ireto, araka ny loharanombaovao azonay. Tao anatin' izany no nanao ny fikarohana ny mpitandro ny filaminana ka tonga amin'izao fisamborana sy fampidirana am-ponja azy mianadahy voalaza fa mpiray tsikombakomba amin'ny jiolahy ireto. Marihina fa ankoatra ny tao Anjozorobe dia mbola misy olona hafa voatazona ankeriny ihany koa any Ankazobe.



Ireo voarohirohy nalefa eny Tsiafahy.

**Harato II**

Vao tsy ela no nidina ifotony tany an-toerana ireo Minisitra tomponandraikitry ny filaminana.Tamin'izany no nilazana fa tsy maintsy fongorina ny tsy fandriampahalemana ifotony mba ahafahan'ireo vahoaka miatrika ny fiainany ampitoniana. Tohizana ihany koa ny hetsika manokana iraisan'ny Tafika sy Zandary na ny "opération Harato II" izay efa nahitam-bokatra. Hentitra ireo Minisitra roa tonta raha nanome toromarika ho an'ireo vahoaka sy mpitondra ifotony na olom-boafidy sady nitondra fanazavana ihany koa amin' ny fanaovana laharampahamehana ny fitandroana fandriam-pahalemana eny ifotony indrindra fa ny ady iombonan'ny Foloalindahy amin'ny famongorana ny fakana an-keriny sy ny asandahalo amin'ny endriny rehetra. Tsy ekena ihany koa ary tsy handeferana ny fisian'ireo olona mpiray tsikombakomba amin'ny mpanao ratsy. **Deyland**

Ambohidratrimo

# Lehilahy hita faty nihantontena tao anaty efitrano fitoerana vatam-paty

Tranga tsy fahita firy no niseho tetsy amin'ny fokontany Ambohitsiroa-Est kaominina sy distrikan'Ambohidratrimo, tamin'ny sabotsy. Fatin-dehilahy sahabo ho 30 taona eo no hita tao anaty efitrano fitoerana vatam-patin'ny fiangonana iray teny an-toerana. Hita faty nihaton-tena tamin'ny tady « Nylon » ilay lehilahy. Efa simba sy namofona ny razana ka ireo vehivavy mpanadio trano no naheno ilay fofona hafahafa. Rehefa nozahana tao anatin'ilay efitrano dia razana nihanton-tenda no novantanina tao. Na izany aza mbola teny an-kodiny avokoa ny ankanjony, ary hita teny aminy ihany koa ny mombamomba azy.Vory ny olona nizaha ny zava-nisy. Raha ny fantatra dia efa ho 48 ora tany ho any no nahafatesan'io olona io. Izany hoe maty efa roa andro izy izao vao hita ny fatiny, araka ny fizahana nataon'ny dokotera.

**Olana**

Tsy fantatra hatreto ny antony nahatonga an'ity lehilahy ity ho namoy fo. Manana olana maro izy raha ny filazan'ny havany ary ahiana ho izay no nanahirana azy. Vao haingana no may ny tranony ary ankoatra izay dia vao tsy ela ihany koa no nisara-bady io namoy ny ainy io, raha ny angom-baovao hatrany. Mandeha ny fanadihadiana ny raharaha ary efa tonga teny an-toerana nanao ny fizahana ny tranga ny mpitandro ny filaminana. Efa natolotra ny fianakaviany ihany koa ny vatana mangatsiaka. Mpanao "livraison caca pigeon", mitatitra entana mandehandeha no asan'ilay namoy ny ainy, izao izy hita faty izao.

**Deyland**

Sabotsy Namehana

# Adin'ny mpivady niafara tamin'ny fahafatesan'ilay raim-pianakaviana

Niafara tamin'ny fahafatesana ny adin'izy mivady tao amin'ny tokantrano iray tetsy amin'ny fokontany Beravina, kaominina Sabotsy Namehana distrikan'Antananarivo avaradrano, tamin'ny sabotsy. Tsy fantatra mazava aloha izay fifamaliana nisy amin'ireto mpivady ireto. Ny fantatra dia maty ilay rangahy noho ny vono nataom-badiny azy. Ilay ramatoa nahavanon-doza ihany koa nitsoaka nandositra taorian'izay ary mbola tsy hita hatramin'izao. Tokony ho tamin'ny 9 ora alina ilay tranga. Nahenoana kotaba sy korontana tao amin'ilay tokantrano, izay nanaitra ny manodidina. Rehefa nozahana dia ilay ramose efa mitsirara tamin'ny tany no hita. Tsy nahatsiaro tena intsony ary niezahana nentina haingana teny amin'ny hopitaly saingy tsy tana ny ainy. Mpivady vita soratra ara-dalàna, efa ela niarahana izy ireo.

**Voakapoka**

Ilay rangahy sahabo ho 61 taona eo ho eo ary 60 taona kosa ilay ramatoa vadiny. Tsy vitan'izany fa manan-janaka roa lahy ry zareo, araka ny angom-baovao azonay. Nilaza ny manodidina fa efa mamomamo izy roa ary inoana fa nisy ny resaka tsy nifankahazoana. Rafitra ny ady tao anatin'izany ka voakapoka mafy teo amin'ny lohany ilay raim-pianakaviana. Noho ny dona sy ny ratra nahazo azy dia io tsy azo io ny ainy. Maraina ny andro vao nampandre ny mpitandro ny filaminana ny havan'ny maty. Mandeha ny fikarohana an'ilay ramatoa. Ity farany izay nandositra rehefa nahafantatra fa maty tsy tra-drano ilay ramose.


**Deyland**



Mahajanga

# Mahazo 4 tapitrisa Ariary isan'olona ireo mpisoloky milaza fa mahita asa any ivelany

Miroborobo amin'izao ny fitadiavana asa eny anivon' ny fiarahamonina eny, ary tsy ilazaon'ny mpisoloky ihany koa ka tokony hitandrina ny rehetra. Tsy voatery ho any anaty birao ihany amin'izao no mitrangany asa fisolokiana fa na any anaty tambajotran-tserasera aza. Izany hoe milaza ho manana tolotra azo atao ireo milaza azy ho mahita asa kanefa zavatra tsy misy akory izy ireny. Misy aza ny sasany ampandoaviny sariny kely na betsaka mihitsy ireo mitady asa. Ohatra iray amin'izany ity fisolokiana tao Mahajanga ity. Milaza fa afaka mandefa olona hiasa any ivelany sy mahatafiditra olona hiasa any ivelany tsy manao "déplacement" izy ireo. Raha ny fantatra dia efa nisy ireo voasoloky ary 4 tapitrisa ariary isaky ny olona ny vola alain'ireto mpisoloky. Nitory ireo lasibatra ary natao avy hatrany ny fanadihadiana ny raharaha. "*Tamin'ny alarobia no nahazo loharanom-baovao avy tamin'ny olona tsara sitrapo ny zandary sampana fikaroham-baovao ao amin' ny fari-piadidian'ny Zandarimaria Mahajanga. Tamin' ny alalan'io no nahalalana fa misy olona manana fitaovam-pifandraisana toy ny solosaina sy fitaovana elektronika ifandraisan'izy ireo any am-pitandranomasina. Milaza ireo olona ireo fa afaka mandefa olona hiasa any ivelany sy mahatafiditra olona hiasa any ivelany amin'ny alàlan'ny "vente site en ligne". Nahazo alàlana hisava ilay toerana ireto zandary na ilay atao hoe « perquisition » . Raha ny fantara dia tao amin'ny fokontany Tanambao Ambalavato ilay toerana nisy ny foiben'ireto mpisoloky ireto. Nandritra ny fisavana izay natao dia nahitana solosaina 8 tao sy fitaovampifandraisana elektronika toy ny" wifi" sns... Voatery nosamborina moa ny Talen' ilay orinasa sy ny mpiasany"* hoy ny fanazavana hatrany. Mitohy ny famotorana ny raharaha izay tarihin'ny Kapiteny lehiben'ny sampana fikaroham-baovao eto anivon'ny fari-piadidian'ny Zandarimaria ao Mahajanga. Hiakatra fampanoavana ireo voalaza fa mpisoloky ireo. **Deyland**



Ireo fitaovam-pifandraisana tratra nampiasain'ireo mpisoloky.

Kandidan'ny mpanohitra - Fifidianana depiote

# Maro ny nametraka ny filatsahan-kofidiny, misy iharan'ny antsojay sahady





Ny mpitarika ny Vovonana Firaisankina sy ny Kolektifan'ny kandidà, hifanohana.

Maneho fahasahiana amin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza ireo kandidà ho solombavambahoaka, avy amin'ny fianakaviamben'ny mpanohitra. Tsy niandry ny ora farany hikatonan'ny fanaterana antontan-taratasy filatsahan-kofidiana anio hariva ny ankamaroan' izy ireo fa avy hatrany dia nanatitra mialoha. Na izany ireo hitondra ny fanevan'ny Vovonana Firaisankina na ireo hilatsaka amin'ny anaran'ny Kolektifan'ny Malagasy dia efa samy nihazakazaka nanatitra ny dosie, teny amin'ny OVEC avokoa, tamin'ny asabotsy sy omaly alahady. Ho an'ny eto Antananarivo Renivohitra izao dia efa tafapetraka eny amin'ireo rafitra misahana ny fandraisana ny antontantaratasy avokoa ny kandidan'ny Vovonana Firaisankina ankoatra ny an'Ing. Rina Randriamasinoro, eny amin'ny Boriboritany faha-4. Ity farany, araka ny filazan'ireo antoko nanolotra azy dia iharan'ny antsonjay satria hatramin'ny omaly dia mbola tsy feno ny antontantaratasiny ? noho ny afitsoky ny any amin'ny sampandraharahan'ny hetra. Itsy farany izay voalaza fa mbola tsy namoaka ny taratasy manamarina ny fandoavany hetra aradalana.

**Niantso ny olony hifidy ny kandidàn'ny mpanohitra**

Marihana, fa hanana kandida amin'ireo distrika 120 rehetra manerana ny Nosy ny vovonana Firaisankina, raha toa ka vitsivitsy amin' izany ihany no handrotsahan'ny kolektifan'ny Malagasy. Ireto farany izay efa niantso ny olony hifidy ny kandidàn'ny mpanohitra any amin'ireo toerana tsy hananany solontena satria hoe mitovy ihany ny tanjona dia ny hahazoana ny maro an'isa eny Tsimbazaza sy ny hahafahana manohy ny tolona dia ny famerenana ny maha tany tan-dalana an'i Madagasikara sy famoahana ny firenena eo ampelantanan'ny olon-tokana. Hametraka fitarainana Mikasika izay tontolon'ny filatsahan-kofidiana ho solombavambahoaka izay hatrany, tsiahivina fa hifarana anio hariva ny fanaterana dosie ary amin'ny 18 Aprily no hamoaka ny lisitra ofisialin'ireo kandida ny CENI. Ao anatin'izany rehetra izany, tsy maintsy mamoaka ny fanapahan-keviny ao anatin' ny 72 ora ny OVEC aorian' ny nametrahan'ireo ho kandida ny filatsahan-kovidiany. Momba ireo filatsahankofidiana nolavin'ny OVEC kosa dia manana zo hametraka fitarainana ny kandidà ao anatin'ireto fe-potoana ireto : hatramin'ny 12 aprily ny fandraisana fitarainana eny amin'ny CENI foibe ary hatramin'ny 15 aprily ny eny amin'ny HCC.

Mamy R.

## Marina izany !

### Mihenjan-droa ny tady !

**Miova andriana miova sata, io no azo ilazana ny zavamitranga ao amin'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana izao. Raha orinasa mantsy no nitantana ny vola rehetra niditra tao amin'ny kaominina (saran'ny fanorenana fotodrafitrasa ; haban-tsena…), nandritra ny fotoana nitantanan'ny ben'ny tanàna teo aloha ny kaominina dia naaton'ny filohan'ny delegasiôna manokana io fomba fiasa io ary miditra mivantana ao amin'ny kitapom-bolan'ny kaominina ny vola rehetra. Orinasa roa eo anivon'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra no voakasiky ny fampiatoana. Fanovàna izay tsy dia ankasitrahan'ny ekipan'ny mpitantana teo aloha. Vokany mihenjan-droa ny tady eo amin'ny ekipan'ny teo aloha sy ny am-perinasa. Ny zava-misy aloha dia mbola ady mangatsiaka eo amin'ny andaniny sy ny ankilany no endrika isehoany. Samy mpanohana ny fitondrana rahateo na ny ekipan'ny olom-boafidy teo aloha na ny mpanohana ny olom-boatendry amin'izao fotoana izao. Ny filohan'ny delegasiôna manokana voalaza fa hitazona ny fampanantenana efa nolazainy tamin'ny mpiasa, ny handraisan'izy ireo karama ara-potoana. Ary ny fampidirana ny vola mivantana ao amin'ny kitapom-bolan'ny kaominina, fomba fiasa nisy tany aloha no heveriny fa tsy hampitarazoka ny famoaham-bola ka hahatratrarana izany tanjona izany. Ny ekipan'ny teo aloha kosa mihevitra fa tokony hotazonina ny fomba fiasa nandritra ny nitantanan'ny ben'ny tanàna ny kaominina. Eo izany ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Inona no hitranga atsy ho atsy? Hilefitra ve ny filohan'ny delegasiôna manokana ka hiverin-dalana ? Mety ho tonga amin'ny fampidirana ny raharaha eny anivon'ny fitsarana miady amin'ny fanjakana ve ny zava-misy?**

Voahangy Rakotozafy

Antenimierampirenena

# Mety hapetraka rahampitso izay ho filoha mpisolo toerana

Iarahan'ny rehetra mahalala fa banga ny toeran'ny filohan'ny Antenimierampirenena, taorian'ny namoahan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana ny didy manala an-dRtoa Christine Razanamahasoa tsy ho solombavambahoaka intsony. Araka ny tsiliantsofina dia mety hapetraka rahampitso izay ho filoha mpisolo toerana, hitantana ny andrim-panjakana mpanao lalàna, eny Tsimbazaza. Tsiahivina fa ambaran'ny fitsipika anatin'ny Antenimieram-pirenena, ao amin'ny toko faha-II, miresaka ny amin'ny birao momba ny taona, ao amin' ny andininy faha-5 n'io lalàna io fa : Amin'ny fisokafan'ny fivoriana voalohany amin'ny fotoam-piasana dia ny solombavambahoaka zokiny indrindra amin'ireo mpikambana tonga mivory, izay manana eo akaikiny ny solombavambahoaka zandriny indrindra no mitarika ny fivoriana mandrapahavitan'ny fifidianana ny Filoha. Ary marihin'ny andininy faha-6 amin'io lalàna io ihany fa raha misy ny fahabangan'ny toeran'ny fitarihana ny Antenimierampirenena dia io fepetra io ihany no mihatra.




Ny filoha lefitra Jean Jacques Rabenirina, faha-5 avy any an-kavia.

**Ny filoha lefitra avy amin'ny faritanin'i Toliara**

Ny dikany, raha arahana io fitsipika anatiny io dia ny solombavambahoaka Jean Jacques Rabenirina, filoha lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny faritanin'i Toliara, voafidy tany amin'ny distrikan'i Betioky Atsimo no handray ny toeran' ny filohan'ny Antenimierampirenena. Ny fitsipika anatin'ny Antenimierampirenena izay tsiahivina fa narafitra, miainga amin'ny lalampanorenana ; ny lalàna fehizoro mitondra ny laharana 2012-016, tamin'ny 1 aogositra 2012, mahakasika ny fifidianana solombavambahoaka voalohany, amin' ny Repoblika faha-4 ; ny lalàna laharana 2011-012, tamin'ny 9 septambra 2011 mikasika ny antoko pôlitika; ny lalàna laharana 2011-013, tamin'ny 9 septambra 2011 mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra ; ny didy hitsivolana laharana 2014-001 mahakasika ny lalàna fehizoro mifehy ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny Antenimierampirenena, tamin'ny 18 aprily 2014 ary ny didy navoakan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana, laharana 07-HCC / D3, tamin'ny 2 mey 2014, mikasika ny fitsipika anatin'ny Antenimieram-pirenena.

V.R.

Fifidianana solombavambahoaka

# Nirotsaka ho kandidà any Vangaindrano ny filohan'ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky



Rtoa Francette Razanabahiny, filohan'ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky, nanatitra ny taratasy firotsahan-kovidiany tany amin'ny OVEC Vangaindrano.

Natolotry ny antoko politika tarihiny. Ny filohan'ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky, Ramatoa Francette Razanabahiny tenany mihitsy ny nirotsaka ho kandidà Solombavambahoaka. Ny sabotsy teo, tany amin'ny OVEC Vangaindrano izy no nametraka ny taratasy firotsahan-kofidiany amin'ny anaran'ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky. Voavolavola tao anatin'ny firehena politika misy azy hatramin'izay. Manana ny fotokevitra politika mazava entina hampandrosoana ny firenena ny antoko Vonjy Iray tsy mivaky, hoy izy. Raha tsiahivina dia efa nandrotsaka kandidà filoham-pirenena ny antoko tarihiny tamin'ny fotoan'androny. Ny Dr Razanabahiny Marojama Jérome, izay tsy iza fa ny rain'i Francette Razanabahiny ihany, no nirotsaka hofidiana ho filoham-pirenana tamin'izany. Miezaka mamelo-maso ny antoko politika tarihiny Ramatoa Francette Razanabahiny ankehitriny ary izao mirotsaka kandidà ho Solombavamboaka any amin'ny distrika niaviany izao. Efa niomana ary vonona tanteraka hiatrika ny fifidianana hotanterahina amin'ny 29 may hoavy izao izy ka tsy matahotra ny hifaninana amin'ireo kandidàn'ny antoko mandray anjara amin'izany.

Niry R.

Sem Isabelle Delattre-Burger

# Efa miomankomana ny handao an'i Madagasikara

Mbola mitàna ny sain'ny mpanara-baovao, andro vitsivitsy aty aoriana ny raharaha mahakasika ny masoivohon'ny Vondrona Eorôpeana, Sem Isabelle Delattre-Burger, miasa sy monina eto amintsika. Araka ny tsilian-tsofina dia efa miomankomana ny handao an'i Madagasikara io masoivoho vahiny io. Marihina fa tamin'ny volana septambra, tamin'ny taona 2022 no nanomboka niasa teto amintsika ny Sem Isabelle Delattre-Burger ary amin'ny ankapobeny dia eo anelanelan'ny roa ka hatramin'ny telo taona no faharetan'ny fotoam-piasany. Tsiahivina fa tamin'ny 26 marsa lasa teo no nangatahan'ny mpitondra ny hanoloana io masoivoho vahiny io, tamin' ny alàlan'ny taratasy niantefa tamin'ny minisitry ny raharaham-bahiny eo anivon'ny Vondrona Eorôpeana, taorian'ny filazany fa tsy mifanaraka amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona, nosoniavin'i Madagasikara ilay lalàna momba ny famosirana, noho itsy farany miendrika fampijaliana sy manohintohina ny maha olona. Ankoatra izay, niresaka mahakasika ny vola natokana hikojakojana ny lalana (Fonds d'Entretien Routier) izay navadika ho "Fonds Routier" ihany koa io diplômaty io, manoloana ny fahapotehan'ny lalampirenena maro eto amintsika.

**V.R.**



Sem Isabelle Delattre-Burger, masoivohon'i Vondrona Eorôpeana.

Andry Rajoelina


# Niray fo tamin'ny firenena Rwandais, ho mariky ny firahalahiana

Ankoatran'i Madagasikara dia filoham-pirenena maro no nanotrona ny fotoampahatsiarovana ny ady antrano niseho tao Rwanda, izay nomarihina omaly. Anisan'izany ny filoha Andry Rajoelina mivady, ny filohan' ny Afrikanina tatsimo, Bénin, Ouganda, Nizeria, Togo, Ethiopie, Tanzanie, Mauritanie, Mozambique. Hita tao an-toerana ihany koa ny filoham-pirenena amerikanina Bill Clinton, ny filoha frantsay teo aloha Nicolas Sarkozy. Vahiny manankaja nanatrika ny faha-30 taonan'ny fahatsiarovana ny ady an-trano niseho Rwanda, ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara. Niombompo tamin'ireo Rwandais ny tenany ho mariky ny firalahiana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta. Raha zohina dia 30 taona lasa izay ny andron' ny 7 aprily 1994. Nanomboka tamin'io daty io ary naharitra 100 andro ny adim-poko teo amin'ny Tutsi sy Huttu. Andro manjombona sy mangirifiry ho an'i Rwanda izany satria olona avy amin'ny foko tutsi maherin'ny 800 000 no namoy ny ainy noho ny ady an-trano nahery vaika niseho tao Rwanda.

**Lesona**

Ity fanasan'ny Filohampirenena Rwandais, Paul Kagame ny Filohan'ny Repoblika malagasy mivady ity, dia porofo mivaingana ny fifandraisana matanjaka sy mafy orina eo amin'i Madagasikara sy Rwanda. Azo andraisana lesona ihany koa entina hanarenana ny firenena sy hampandrosoana. Lesona mahery vaika satria tafarina ny firenena "rwandais" na dia tao anatin'ny rà nandriaka sy ny fahatsiarovana mangidy aza no niainan'ny fireneny teny am-piandohana. Natao tao "Kigali Genocide Memorial" ilay fotoam-pahatsiarovana ka nisy ny fametrahana ny fehezam-boninkazo ho fahatsiarovana ireo namoy ny ainy ary ny famelomana ny afo tsy mety maty. Nitohy tao amin'ny "BK Arena Kigali", ny hetsika. Nisy ihany koa ny fandraisampitenenana ary nifandimbiasan'ireo manam-pahefana samihafa. Taorinan'ny fotoam-pahatsiarovana tao amin'ny "BK Arena" io dia nisy ihany koa ny fanasana manokana nataon'ny Filoha Rwandais tao amin'ny "Kigali Convention Center" izay nanaovan'ny fihaonana manokana tamin'ireo filoha Afrikanina samihafa, anisan' izany ny Filohan'ny Repoblika malagasy, Andry Rajoelina.

**Deyland**



Nanotrona ny fotoam-pahatsiarovana ny faha telopolo taonan'ny famonoana ireo Tutsi tany Rwanda ny Filoha Andry Rajoelina sy Ramatoa vadiny.

Todisoa Andriamampandry

# Kandida depiote, mahalala ny marary ny vahoaka eny amin'ny boriboritany faha-6



Ny kandida depiote Todisoa Andriamampandry sy ireo mpiray lisitra aminy.

Tafapetraka teny amin'ny OVEC Anosisoa, ny sabotsy ny teo ny antontan-taratasy filatsahan-kofidian'Ing. Todisoa Andriamampandry sy ireo mpiray lisitra aminy ho solombavambahoaka. Nanamarika io kandidà io fa mahafantatra ny marary ny vahoaka eny amin'ny Boriborintany faha-6, natolotry ny antoko TIM hitondra ny fanevan'ny Firaisankina. Taorian'ny nametrahany ny dosie dia nisy ny tafa ho an'ny mpanao gazety nataony ka nandritra izany no nanamafisany ny fahavononany hanasoa ny vahoaka sy nilazany ireo antony mbola nilatsahany. « Voalohany, noho ny mbola fiangavian'ny mponin'Ambohimanarina satria nisy ny ezaka natao ho fanampiana ny vahoaka na an-tsaha na an-tanana ary mbola ilaina ny hanohizana izany. Faharoa, noho ny mbola fahatokisan'ny antoko TIM sy ny vovonana Firaisankina anay ka nisaorany ireo mpitarika. Fahatelo, noho ny fahatsapana fa sahirana ny vahoaka eny Ambohimanarina manoloana ny tsy fandriam-pahalemana ; ny fidangan'ny vidim-piainana tsy zakan'ny sarambambem-bahoaka intsony ; eo ny tsy fananana asa ; ny faharatsian'ny fotodrafitrasa ; ny olan'ny fanabeazana.

**Hatao poa-droa !**

Asan'ny mpanatanteraka izany kanefa tsy ampy, mba tsy ilazana hoe tsy nisy ny fandraisana andraikitra avy amin'izy ireo ary voatery nandray andraikitra ny olom-boafidy. Na izany aza dia tsy nataonay ambanin-javatra ny famitana ireo asa nankinina aminay, amin'ny maha mpitondra ny feon'ny vahoaka sy mpanao lalana ary mpanara-maso ny asan'ny mpanatanteraka, izay mbola ho tohizanay izany rehefa lany eo izahay », hoy ny kandida Todisoa Andriamampandry. Mifanindran-dalana amin'izany, nisy ny hafatra nentiny ho an'ny vahoakan'Ambohimanarina taorian'io fametrahany ny dosie-ny io. « Maro ny zava-bita kanefa mbola maro ny eritreretinay hatao hanasoavana antsika vahoakan'Ambohimanarina. Matoa milatsaka isika dia mieritreritra ny handresy ary tsy vitan'ny handresy fa poa-droa no tanjontsika eto Ambohimanarina. Koa manasa antsika hifidy daholo. Fifaniana masina io ary rahalahy sy anabavy avokoa ny mpifaninana ka aoka isika tsy hifanaratsy. Toky no omenay : raha tanteraka izay poa-droa izay dia ho avo zato heny amin'ny efa nataonay sy vitanay ho an'ny vahoakan'Ambohimanarina no hatao amin'io fotoampiasana manaraka io », hoy hatrany ny teniny.

**Mamy R.**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

FJKM Betela Toamasina

# Andian'olona nilanja sorabaventy tao am-piangonana

Niverina indray ny korontana nisy tao amin'ny fiangonana FJKM Betela Toamasina omaly alahady. Nisy andian'olona nilanja sorabaventy nandritra ny fanompoam-pivavahana milaza fa : *“Miala ny pasitera, mpijangajanga, mpanodinkodim-bola, manao sy mampiditra finoana hafa, mpanao didy jadona. »* Teo ihany koa ny milaza hoe : *« Foibe, ampiharo ny lalàna, prezidà sinodaly tsy mahavaha olana, tsy amidinay Betela »* ary ny hoe *« Marary Betela, misy finoana hafa ampidirina, misy ara-bola tsy milamina, misy fitondran-tena maloto, misy kolikoly avo lenta »*. Vory maro anefa ireo mpino tao am-piangonana nandritra io fotoana io saingy nisy tamin'ireo olona teny amin'ny alitara no nandohalika, nisy ny nifanasa vangy, nisy ny nilanja sorabaventy mivezivezy ary tsy vitsy ireo nifandrahona. Misy tamin'ireo mpino aza nilaza fa nandray vahiny avy any Ambatolampy ny fiangonana tamin'io fotoana io saingy tsy nisy henamaso akory ary tena afa-baraka ny fiangonana. Mitaky ny fanesorana ny pasitera ao an-toerana ireo mpitokona ary nataony miharihary ho hitan'izao tontolo izao ny fomba nitondrany azy. Betsaka mantsy ireo naka horonantsary tamin'izany fotoana izany ary azo antoka fa efa tonga aty amin'ny FJKM Foibe ny olana. Hatreto anefa, mbola tsy nisy ny fanampim-baovao milaza ny fanapaha-kevitra ho raisina mikasika io fiangonana any Betela io. Tsy sitraky ny rehetra mazava ho azy ny hanakatonana ny fiangonana satria amin'izao andro sarotra izao, any sisa no fialofan'ny maro saingy tsy manome ohatra tsara mihitsy ny mpitarika ny fiangonana raha ny zava-misy. Tsy vao sambany mantsy fa efa nisy gidragidra nitranga ihany koa tao Betela talohan'ny paska. Efa tokony ho nandeha ny fanadihadiana sy ny fandraisana fanapaha-kevitra eo anatrehan'ity olana ao Betela ity satria zava-doza no iampangana ny pasitera any an-toerana. Indrindra raha tsy nisy ny zavatra lazaina fa nataony dia efa tokony nampiharina ny sazy enjana.

**Nath**




**Matetika mitranga ny olana ao amin'ity fiangonana ao Toamasina ity.**

Lycée Jules Ferry

# Ao anatin'ny Ivon'ny fankalazana ny 100 taona nijoroany



**Marobe ireo mpianatra efa nandalo sy nandranto fianarana tato amin'ny Lycée Jules Ferry Faravohitra.**

Nanomboka tamin'ny fanompoam-pivavahana iraisam-pinoana ny 3 septambra 2023 ny fankalazana ny 100 taona nijoroan'ny sekoly Lycée Jules Ferry izay hita eny Faravohitra. Nanasa ireo maintimolaly mpampianatra sy mpianatra rehetra nandalo tao izy ireo tamin'izany. Ankehitriny, ao anatin'ny ivon'ny fankalazana izy ireo ka hisy ny fiarahana misakafo na « déjeuner dansant » izay atao eny By Pass ny 26 aprily 2024 izao ary hanasana indray ny fandraisan'anjaran'ny rehetra indrindra ireo mpianatra tranainy sy ireo any am-pitandranomasina ary ireo mpianatra amin'izao. Anisan'ny mpianatra nivoaka tao amin'ity lycée ity ny minisitry ny fanabeazam-pirenena teo aloha Paul Rabary sy ny maro hafa. Nambaran-dRtoa Onja, iray amin'ireo mpikambana ao anatin'ny komitin'ny faha-100 taona fa misy foana ny fankalazana isam-bolana ataon'ireo klioba tsirairay ao amin'ny Jules Ferry. Aorian'io, hisy ny lalao ara-panatanjahantena hifanaovana amin'ireo sekoly hafa, arahina fampisehoana goavana ary ny fety famaranana ny taom-pianarana na « bal de promotion » karakarain'ireo mpianatra taona famaranana izay hivoaka amin'ity taona ity. Manasa ireo mpianatra efa taloha sy ireo mbola ao amin'ny sekoly izy ireo handray anjara. Misy 1960 eo ny isan'ny mpianatra ao an-toerana.

**Tsangambato**

Tsangambaton'ny fankalazana ny fanamboarana toerana malalaka izay ahorina ao amin'ny faritry ny sekoly. Eo ihany koa ny fikarakarana sy fanitarana ny efitrano TIC ary ny fikarakarana ny efitra natokana ho an'ireo mpampianatra izay mila fanatsarana satria efa 100 taona tsy nisy fanamboarana. Efa nanomboka ny hetsika fanangonana sy fitadiavana vola hamitana ireo tsangambato ireo ary manasa izay mahalala tanana rehetra izy ireo hanohana satria tena vola be no ilaina amin'ireo fanatsarana fotodrafitrasa ireo. Manentana an'ireo ray amandreny ihany koa havitrika amin'ny fampandraisan'anjara ireo tanora mpianatra indrindra amin'ny fanampiana amin'ny lafiny rehetra izay raisin'ny komity mpikarakara an-tanana avokoa ho entina hanatsarana ny Lycée Jules Ferry.

**Nath**

Rotary Club Antananarivo Ainga

# Nanavao ny efitrano tao amin'ny EPP Antanetikely Arivonimamo

Iray amin'ireo sehatr'asa iompanan'ny Rotary Club Antananarivo Ainga sy hikarohany vahaolana ny sehatry ny fanabeazana sy ny fanampiana ireo ankizy hahay hamaky teny sy manoratra. Anisan'ny asa vao vitan'izy ireo ny efitrano hahafahan'ireo ankizy kely garabola mianatra araka ny tokony ho izy izany tany amin'ny EPP Antanetikely Arivonimamo. Tsy nionona tamin'izany anefa izy ireo fa nanampy tamin'ny fahazoan'ireo mpianatra rano fisotro madio ka nanangana toby fitehirizan-drano lehibe iray ihany koa. Iarahan'ny rehetra mahita fa anisan'ny manampy be ny fisian'ny rano ao amin'ny faritry ny sekoly, eny na dia ho ampiasaina amin'ny fidiovana ihany aza. Tsy izay ihany anefa fa misy ihany koa ny fanentanana ny sekoly sy ny mpianatra hamboly ao amin'ny faritry ny sekoly mba hahafahana manamaintso ny tontolo ary mety hiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo ihany koa toy ny salady sy anana ary ny maro samihafa.

Tsy diso anjara ihany koa ny lafiny arapahasalamana ka tamin'ny faraparan'ny taona 2023, nisy ny fanomezan-drà nataon'izy ireo. Manodidina ny paosin-drà 500 teo no voahangona tamin'izany. Amin'ity taona ity indray, misy ny fiaraha-miasa amin'ny American School hanaovana ny andiany faharoa amin'ity fanomezan-drà ity. Ankoatran'izay anefa, nitondra anjara biriky tamin'ny fanavaozana ny toeram-pandidiana ao amin'ny hopitaly Antsohihy ihany koa ny Rotary Club Antananarivo Ainga. Midika izany fa manerana ny Nosy mihitsy ny asa ataon'izy ireo fa tsy mijanona amina toerana iray.

Mikasika ny fandriampahalemana indray kosa, tovolahy teratany malagasy no Izy no voasafidy hahazo vatsim-pianarana ka hianatra ao amin'ny Centre du Rotary pour la Paix any Ouganda. Voalohany no nisy nisitraka izany vatsim-pianarana mikasika ny fandriampahalemana izany na ho an'i Madagasikara na eo anivon'ny distrika 9220 ka hireharehana tokoa ny fahazoana azy.

**Nath**




**Hitohy amin'ity taona ity ny hetsika fanomezan-drà karakarain'ny Rotary Club Antananarivo Ainga.**

Gazetiko

# Feno 26 taona

Nitsingerina omaly ny faha-26 taona nivoahan'ny Gazetiko. Raha tsiahivina dia ny andron'ny 7 avrily 1998 no nivoaka ny laharana voalohan'ity gazety mpiseho isan'andro ity. Amin'ny teny malagasy manontolo ny gazety, ahitana lahatsoratra isan-karazany sy pejy mahakasika ny Pôlitika, trangam-piarahamonina, kolontsaina, fanatanjahantena, ary ny fiarahamonina sy toekarena. Ankoatr'izay, misy ihany koa ny pejy natokana ho an'ny alavoly. Amin'ny mahagazetim-baovao azy dia ny hampahalala ny vaovao rehetra tsy anavahana ho an'ny mpamaky no kendreny. Miezaka manatanteraka ny asany ihany koa araka ny fomba matihanina ary misokatra ho amin'ny fiarahamiasa arakarak'izay ahafahana manatanteraka izany. Marihina fa Gazetiko dia ao anatin'ny fianakaviamben'ny Vondrona Midi Madagasikara naorin-dRtoa Marthe Rajaofera Andriambelo, ary eo ambany fitantanan'ny Tale jeneraly Jeremy Rabesahala.

**Ny fiadidiana ny Fanoratana**

Fivarotana tavoahangy

# Namelomana sy nahatafitan'i Hanta ny zanany mianadahy

"*Mbola kely izahay dia efa nivarotra teto ny ray amandreniko. Mamanay sy bebeanay samy nanao asa fivarotana tavoahangy teto Analakely daholo. Teto no naha toy izao ahy ary mbola teto no nahatafitako ny zanako mianadahy. Efa samy manambady izy ireo ankehitriny ary samy manana ny asa fitadiavambolany avy. Izaho kosa mbola manohy mivarotra eto.*" Hoy i Hanta, renimpianakaviana mivarotra tavoahangy eo Analakely. Anjatony maro ny isan'ny tavoahangy amidiny ary misy ny plastika misy amin'ny vera. Tavoahangimpanafody ilay efa tsy miasa intsony, tavoahangin-toaka, divay, fanaingoana sehatra na trano, eny hatramin'ireo mpianatra nahavita fianarana avy amin'ny laboratoara ka tsy mampiasa ireny kojakoja amin'ny vera ireny dia aterin'izy ireo eny avokoa. "*Misy fotoana izahay mandeha any antranon'olona, trano fisakafoanana miantso anay. Tsy vitsy ihany koa anefa ireo tonga manatitra izay tavoahangy tsy ampiasaina intsony kanefa mameno trano fotsiny dia vidianay.*"



**Maro karazana ny tavoahangy amidy eny Analakely eny.**

Hoy hatrany i Hanta. Azo lazaina ho mahavelona tsara ity asa ity matoa fianakaviana maro nifandimby samy nanao azy avokoa. Etsy ankilan'izany, mikajy ny tontolo iainana ihany koa satria anisan'ny akora tsy mety simba sy lo mandrakizay ny tavoahangy ka rariny raha misy ireo mpivarotra tavoahangy ireto indray manome aina hahafahana mampiasa azy ireo indray. Raha ariana mantsy ny tavoahangy mety ho vaky miparitaka ka sady mety mandratra no manimba ny tontolo iainana.

**Faritra**

Rehefa tonga eo ireo tavoahangy dia mividy rano sy savony ary manao izay fomba rehetra mampadio izany ireo mpivarotra. Miankina amin'izay ny hahasarika mpividy ny entana rehetra eny na tsia. Ny mpividy indray tsy eto Antananarivo ihany fa hatrany amin'ny faritra. "*Ireo tavoahangy na divay izao, olona avy any Fianaratsoa no tena maka izany. Torak' izay ihany koa ny tavoahangy toaka izay misy tonga dia maka maro hatrany amin'ny 200 isa mihitsy. Tsy mahavita tavoahangy mantsy isika ka izay no tena mahatonga ny olona hividy entana eto aminay.*" Hoy hatrany i Hanta. Manomboka amin'ny 100 ar hatramin'ny 2 000 ar kosa ny vidiny miankina amin'ny habeny. Isan'andro kosa, tsy maintsy mahalafo foana, satria misy ireo maka maro efa mpanjifa aminay ireto no tsy maintsy mameno isa ka samy hakany daholo indrindra rehefa tsy feno ny isa tadiaviny amin'ny mpivarotra iray. Misy vanimpotoana anefa tsy misy tsena mihitsy indrindra rehefa fotoam-pahavaratra. Rehefa akaiky faran'ny taona sy main-tany kosa maro ireo manamboatra rhum arrangé na mandeha kokoa ny tavoahangy sy ireo natokana asiana divay. Tsy misy kosa ny olana satria mandoa ticket an'ny CUA izahay ary miezaka manaraka ny fandaminana apetrak'izy ireo foana. Asa fivelomana ny fivarotana tavoahangy ary tokantrano maromaro no miaraka mitady vola eo Analakely ambadiky ny pavillon. Tsy misy asa ratsy rahateo ankoatran'ny mangalatra. Hain'i Hanta rahateo ny manaja ny asany ary miezaka manome fahafahampo ireo mpanjifany foana izy, tsy ny avy eto Antananarivo ihany fa hatrany amin'ny faritra.

**Nath**

Vohitrambato

# Tokantrano 148 nisitraka famatsiana rano fisotro madio

Ao amin'ny distrikan'i Toamasina II no misy an'i Vohitrambato. Olona 550 avy amin'ny tokantrano 148 any an-toerana no misitraka famatsiana rano fisotro madio ankehitriny taorian'ny ezaka nataon'ny tetikasa Ambatovy. Nisy ny fametrahana fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio avy amin'ny fisintonanana rano avy any ambanin'ny tany. Ny antsasa-manila maherin' ny Malagasy no efa misitraka rano fisotro madio, ary mandray anjara mavitrika amin'ny ezaka atao amin' izany Ambatovy. Amin'ny maha tetikasa tomponandraikitra azy dia tsy nijanona amin'ny fitrandrahana Nikela sy Kobalta fotsiny Ambatovy fa mbola manohana ireo vondrom-piarahamonina eny ifotony, indrindra fa any amin'ireo faritra iasany, dia Alaotra Mangoro sy Atsinanana. Eo amin'ny lafiny sosialy sy toekarena no tena itondrany ny fanohanany.

**R. Muray**



**Antoka lehibe ho an'ny fahasalaman'ny mponina ny fahazoana rano fisotro madio.**

## Taratasy ho an-dRamala

### Veta...!

Any Ramala

Fa inona kay no maha-veta antsika? Mety hisy hieritreritra zavatra hafa…hafa indray, na ratsy mihitsy izao maheno izany. Aleo dia vantanina avy hatrany Ramala fa fiteny any amin'ny faritra io ka manana dikany tsy mitovy amin'izay mahazatra antsika eto an-tanàna eto. Ny atao hoe "veta" izany dia mahantra, sahirana, malahelo. Raha iverenanana ilay fanontaniana napetraka tery aloha Ramala: fa inona kay no mampahantra antsika ? Vao omaly no omaly, araka ny fitenenana, dia voalaza fa misy harena be azo tsy ara-drariny teto amintsika hono no tokony haverina. Hatreto anefa dia vao ampahany kely monja amin'izany no efa tafaverina. Izay mihitsy no mampahantra antsika Ramala. Firifiry tokoa moa izay harena tafavoaka teto izay Ramala, ankoatry ny vola voahodinkodina fa zara raha misy tafaverina. Tsy mahagaga raha mahantra isika Ramala. Raha ny marina anefa dia manan-karena ny tanintsika Ramala fa nataon'ny sasany "tantely afadrakotra". Tsy vao izao no nitenenana izany fa matetika miverimberina io. Tsy natao ho famendrofendroana akory izany fa entina hampisana antsika Ramala. Izay aloha no hamaranana azy fa amin'ny manaraka indray.

## Ragasy

Ivon-toerana fanofanana mpitsabo mpanampy

# Novatsian'ny Japoney fitaovana mitentina 2 870 tapitrisa Ariary



**Ny Masoivoho japoney, Abe Koji, sy ny Minisitry ny fahasalamambahoaka, Ny Pr Randriamanantany Zely, nandritra ny fandraisana ireo fitaovana.**

Manohana ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara ny fanjakana japoney. Notanterahina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ny fandraisana tamin'ny fomba ofisialy ireo fitaovana tekinika mitentina 2 870 tapitrisa Ariary avy amin'ny Japoney, izay natao hampiasain'ireo ivon-toerampanofanana mpitsabo mpanampy miparitaka amin'ny faritany enina eran'i Madagasikara, dia Antananarivo, Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Fianarantsoa, ary Toliara. Anisan'ny tanjona lehibe amin'ny fampiasana ireo fitaovana ireto ny hanatsarana ny kalitaon'ny fampiofanana eny anivon'ireo ivotoerana andaniny, ary ny hiantohana ny fisitrahan'ny vahoaka eny ifotony fitsaboana fototra tsara kalitao. Tsiahivina fa efa tamin'ny taona 2020 no nanombohan'ny tetikasa fanavaozana sy fampitaovana ireo ivontoeram-pampiofanana iraisam-paritra ho an'ny mpitsabo mpanampy iarahana amin'ny Japoney ao anatin'ny fandaharanasa fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena eto Madagasikara.

**R. Muray**

Rugby - CAN 2024

# Vonona ny Makis, miandry fanohanana ny federasiona

Hotanterahina amin'ny 4 hatramin'ny 12 may izao eto Madagasikara, ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2024, ho an'ny Rugby lalaovim-behivavy 15. Nampatsiahivin'ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel omaly tetsy Andohatapenaka fa efa natao teto amintsika tamin'ny may 2023 izy ity fa noho ny fanemorana ny fiadiana ny tompondaka eran-tany dia naverina io ilay izy. Nambaran'ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, fa samy nangataka avokoa na Kamerona, Kenya ary i Madagasikara fa isika no neken'ny Rugby Afrique. Antony, noho ny habetsahan'ny mpijery baolina eto Madagasikara ka nahatonga ny safidy hitodika taty. Mahakasika ny mpilalao, tena anatin'ny heriny ireo fa tsy antitra be, araka ny tenenin'ny sasany, hoy hatrany ingahy filoha, izay eo ambany fitantanan' ny mpanazatra Ralay sy



Efa vonona izahay, hoy ny Malagasy Rugby tetsy Andohatapenaka.

Dina. Amin'ny lalao iraisana, tsy maintsy misy zokiny mitarika ireo zandriny.

**Hisy mpila ravinahitra !**

Raha hiverenana ity CAN ity, nanambara ny fahavononana handray ny CAN 2024 ity ingahy Rakotomalala Marcel, efa nanomboka tamin'ny febroary ny fanomanana ny mpilalao, tafiditra tao anatin'izany ny fiatrehana iny Lalao Afrikanina teo iny, izay nahazoana medaly volafotsy. Mpilalao mila ravinahitra roa no nokasaina saingy mety tsy ho afaka i Nanou, izay efa tao amin'ny Makis fa lasa nila ravinahitra any Frantsa, hoavy kosa i Jeanne. Handresena an'i Afrika Atsimo amin'ny andro farany 12may no tanjona amin'ity, hoy izy satria ny tompondaka sy ny tompondaka lefitra no mandeha "Monde". Miantso ny fitondram-panjakana ihany koa hanohana sy hanampy, hoy ny Malagasy Rugby, satria zavadehibe ho an'ny firenena Malagasy io. Mahakasika ireo fotodrafitrasa indray, efa anatin'ny fanomanana. Niantso ireo orinasa hanohana koa ny tenany, izay hisy ny tombony ho azy ireny "visibilité" mandritra ny fifaninanana. 32 moa ny mpilalao manaraka fampivondronana, nisy ny "match sparring" omaly izay tafiditra anatin'ny fiomanana. Saika handeha any Marcoussis Frantsa ihany hanomantena fa noho ny tsy fahampian'ny hoentimanana dia nijanona eto ihany, atsy amin'ny Nosy rahavavy indray ambany ny niveau ka tsy mahaliana. Hikatona manomboka anio koa ny kianja Makis, izay efa karakaraina handraisana io fifaninanana goavana io.

**Rabenaivo**

Rugby - Xxl TOP12

# Lavon'ny FTM 40 no ho 19 ny TFA

Tamin'ny isa mazava 40 no ho 19 omaly tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka no nandavoan'ny FTM an-dry zareo TFA, nandritra ny andro voalohany, ho an' ny fiadiana ny "Xxl TOP12", eo amin'ny taranja Rugby. Tsy nahahovoka ny fahaizamanaon'i Manjakaray teto Anatihazo, ka io isa 40 no ho 19 io no nisarahana. Teo amin'ny fihaonana hafa, resin'ny TFMA tamin'ny isa 25 no ho 15 ny UASC. Efa nanatombo tamin'ny elanelan'isa betsaka Ankasina teo amin'ny fizaram-potoana voalohany ka na niezaka aza ny Besetroka teo amin' ny fizaram-potoana fahara, dia tsy nahatratra intsony, ka nihanona tamin'io isa 15 io. Ry zareo TFMA indray aza taty amin'ny fiafaran'ny fihaonana no mbola niketrika hampitombo isa saingy tsy tafiditra ilay baolina notsaraina. Tsy namelan'ny Mang'art ihany koa raha tsy resiny tamin'ny isa 43 no ho 19 ny FTBA, ireto farany izay nanantena hampitsimbadika ny isa teny amin'ny solaitrabe saingy efa tsara sy voarain'ny mpilalaony ny paikady napetrak'i Toro mpanazatra.

**Rabenaivo**

Beach soccer - Ligin'i Melaky

# Vahoaka marobe no nanatrika ny lalao tamin'ny andro alina

Sambany tamin'ny tantaran'ny baolina kitra tao amin'ny faritra Melaky no nisy fifaninanana beach soccer natao tamin'ny andro alina. Nahasarika olona maro be ny nanatrika izany, izay natao teny amin'ny torapasika Maintirano. Fiaraha-miasa teo amin'ny ligin'i Melaky , notarihan'ny filohany, Paul Ben Ali Tsakora sy ny Sosialy eo anivon'ny Jirama ao Maintirano no nahatongavana tamin'izao. Fifaninanana ho an'ny eo anivon'ny sampandraharaha no nanomboana azy, izay nanomboka tamin' ny 20 Martsa ary nifarana tamin'ny alatsinainy Paka lasa teo. Mitohy hatrany ny fifaninanana, ho fiomanana



Vahoaka marobe no nanatrika ity fifaninanana Beach soccer natao andro alina ity.

amin'ilay "Festival de beach soccer" hatao any amin'ny ligim-paritra Sava. Handray anjara mavitrika ny ligin'i Melaky, izay manana mpilalao sangany sy afaka mandrombaka ny anarambonináhitra. Anisan'ny fandaharan'asa ny Ligimparitra Melaky ny hampisongadinana ny taranja "Beach soccer" satria anisan'ny tombony ho azy ireo ny fananana tora-pasika midadasika. Mitondra fisaorana hatrany ny eo anivon'ny Jirama Maintirano sy ny Kaominina ambony vohitra Maintirano moa ireo mpitantana ny ligin'i Melaky, izay nanaiky sy nametraka ireo hazavana eny amin' ny torapasika Maintirano. Betsaka ireo ligy mihetsiketsika, an'isan'izany ny any Melaky. Ankoatra ny fikarakarana fifaninanana toy izao, tsy manadino ireo karazam-piofanana ihany koa izy ireo, iarahana miasa amin'ny federasiona.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Miparitaka eny anivon'ny tambajotran-tserasera nanomboka ny faran'ny herinandro teo, ny fanambaran'ny mpilalao iray mila ravinahitra any ivelany any, fa tsy hanatevin-daharana ny Barean'i Madagasikara izy raha tsy milamina ny ao anivon'ny federasiona.

### Vahao haingana!

Na tsy niteny mazava aza ity mpilalao ity azo veroka avy hatrany fa resa-bola no tiany holazaina eto. Tsiahivina, nandritra ny lalao ara-pirahalahiana nandraisan'ny Barea anjara, tafiditra tao anatin'ny andron'ny FIFA, efa nipoitra ny disadisa teo anivon'ny mpitantana ny federasiona sy ny mpilalao. Ireto farany izay nitaky ny volany ora iray mialoha ny hiakarana kianja, hihaonana tamin'i Rwanda. Eo indrindra no tokony isian'ny fifanatonana na fifampiresahana ho an'ny andaniny sy ankilany satria dia ady goavana no miandry ny Barea afaka volana vitsy, izay handray an'i Kaomoro sy Mali, tafiditra amin'ny fifanintsanana hiakarana amin'ny fiadiana ny tompondaka erantany. Marina, tsy tokony hanao fitakiana toy izao ny mpilalao indrindra fiarovana voninahim-pirenena no iantsoana azy, saingy mazava kosa fa zoany ary anjarany no takiany. Tsy hisy hahazo tombotsoa amin'izao na ny mpilalao na ny eny anivon'ny federasiona ka mba tsy hahatongavana amin'ny baraka avy any ivelany, inona no tokoa moa ny olana na sakana tsy hilaminana e.

**Rabenaivo**

Kitra - " PFL 2024 "

# Resin'ny Asa Diana ny Fosa Juniors



Tamin'ny isa 3 no ho 1 ny faran'ny herinandro teo no nandresen'ny ASA Diana ny Fosa Juniors, tafiditra amin'ny fiadiana ny « PFL 2024 », taranja baolina kitra. Faharesena voalohany ho an'ny solontenan'i Boeny ity, ka na dia izy ireo aza no nahatafiditra baolina voalohany, tamin'ny alalan'i Lahatra(62') dia tsy ampy hibatana ny fandresena izany, rehefa nahatafiditra baolina 3 ny ASA, tamin'ny alalan'i Dialon(65'), Marson(67') ary Zola(90+3). Teo amin'ny vokatra hafa, nisaraka ady sahala 1 no ho 1 ny Inate Fc Rouge sy ny CFFA. Mbola 1 no ho 1 koa ny lalaon'ny 3FB Toliara sy ny Elgeco plus, raha nomontsaninan'ny Disciples Fc, tamin'ny isa 4 no ho 1 ny Zanakala. Mbola io isa 4 no ho 1 io koa no nanilihan'ny Dato Fc ny Mama Fc. Ny Ajesaia sy ny ny Mama Fc dia nisaraka ady sahala 2 no ho 2, ny Uscafoot nandavo ny Fanalamanga, tamin'ny isa 1 no ho 0 ary isa 4 no ho 3 no nandresen'ny Tsaramandroso Fc ny Cosfa.

**Rabenaivo**

PASI PASI

Rafaralahy Hajanantenaina

# Manara-dia azy avokoa ireo zanany

*9taona izy no nanomboka nandray anjara tamin'ny fifaninanam-pirenena ary efa nahazo medaly volafotsy tamin'izany. Vao herinandro vitsy lasa izay, medaly 9 be izao no norombahan'ny zany nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny dobo filomanosana 25m tetsy amin'ny Esca. Ity fianakaviana ity no vahinintsika eto amin'ny PASI PASI anio.*

**Gazetiko :** Anaranao feno.
**RF:** Rafaralahy Hajanantenaina.
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve, inona ilay spaoro atao ?
***RF :*** 35 taona dia mbola manao spaoro hatramin' izao. Mazava hoazy fa ny Lomano no taranja mbola ataoko.
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***RF:*** Nanomboka 8 taona fa efa nahay nilomano hatramin'ny faha-6 taonako fa 8 taona no niditra klioba voalohany. Teo amin'ny faha-9 taona aho no nandray anjara voalohany tamin' ny fifaninanana nasionaly teo amin'ny taranja Lomano, tamin'ny taona 1999 tany Toamasina. Nahazo medaly volafotsy ny tenako tamin'io fotoana io.
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***RF:*** 4 mianadahy ny zanakay mivady, 1 lahy dia Randriamihaja Manantsoa Nantenaina,14 taona sy 3 vavy dia Randriamihaja Riantsoa Fandresena, 11 taona. Randriamihaja Nambinintsoa Avotriniaina, 8 taona ary Randriamihaja Liantsoa Tiavina,5 taona. Manao spaoro Lomano daholo izy rehetra. Samy nahazo vokatra tsara daholo izy ireo tamin'ilay fifaninanana nasionaly teo. Nantenaina (medaly 3, volamena 1, volafotsy 2). Fandresena(volamena2, volafotsy 2, alimo 1), Avotriniaina(alimo 1), Liantsoa nahazo amboara 1



**Fiainan'ity fianakaviana ity ny milomano ka raha vao misy fotoana malalaka dia efa any anaty rano.**

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***RF :*** Tsy noterena ireo zanakay ireo nanao spaoro fa efa fiainanay mianakavy ny milomano. Vao mahita fotoana malalaka dia efa any anaty rano. Tsy mifidy na dobo filomanosana na ranomasina. Izahay rahateo mipetraka akaiky ranomasina
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***RF :*** Hatreto mbola tsisy voantso ekipa nasionaly ireo zanakay satria mbola kely koa ny taonan'izy ireo. Fa ny tenako kosa no efa voantso in-4 tamin'ny fotoanandro. Fa manantena aho fa efa kely sisa dia ho voahantso handrafitra ny ekipa nasionaly izy ireo satria efa manakaiky ireo sangany ny zava-bitan'izy ireo.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?
***RF :*** Mahafinaritra ny miaraka manao fanatanjahantena miaraka amin'ny fianakaviana izany. Tsy mahatsiaro masoandro milentika mihintsy, satry foana hilomano. Ny aty aminay koa mafana raha teo.
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RF :*** Ny fialambolinay mianakavy dia tsy maintsy ao ny milomano, mitsangatsangana eny amoron-dranomasina, mijery film miaraka, sns.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***RF :*** Manentana antsika fianakaviana mba hanao fanatanjahantena satria maro ny vokatsoa hoentiny. Ny fahasalamana no voalohany. Mampiray ihany koa ny spaoro ary hahatonga anao hanana tanjona lavitra. Tsy azo sarahana ny fianarana sy ny fanatanjahantena satria manampy anao hitadidy sy ho tomady ary manaitaitra ny saina. Mankasitraka tompoko. Misaotra manokana an'i Mr Alain Rabenaivo nanasa ny tenako sy ny fianakavianko tamin'ny fandaharana PASI PASI.

**Rabenaivo**

Motorshow 2024

# Ankizy marary 200 isa no nisitraka ny tombom-barotra

Herinandro monja taorian' ilay hetsika "Motorshow 2024" tetsy amin'ny kianja Barea, niditra tamin'ny fizarana fanampiana ireo ankizy marary ny fikambanana Motor show by Madagascar High Performance. Nahatratra 80 tapitrisa ar ny tombonbarotra azo nandritra ilay hetsika iny, izay natao ny 30 sy 31 marsa lasa teo. Nanamafy i Ranaivo Tojo, filohan'ny fikambana fa ankoatra ny fitaovana, fanafody, kilalao sy ny maro isan-karazany dia nisy ihany koa lelavola nomena ny Ray aman-dRenin'ilay zaza marary, izay notolorana mivantana ireto fanampiana ireto. Notsindrian'i Tojo Ranaivo fa misy sokajy telo ireo ankizy nomena tolotanana. Ny voalohany dia ireo zaza tena voa mafy, voan'ny homamiadana, ka voatery handalo fandidiana sy hanaovana fitiliana. Noraisin'ny fikambanana an-tanàna ny fiantohana ireo ankizy miisa 20, hatao «scanner», «radio» sy ny «echographie». Ankoatra izay, nahazo ny anjarany koa ireo mandalo fitsaboana tsotra sy ireo nangataka fanampiana tao amin'ny tambajotran-tserasera. Ireo toeram-pitsaboana miisa 4 teto an-dRenivohitra no nisafidian'ny fikambanana tamin'ity, dia ny tetsy amin' ny HJRA Ampefiloha, Ambohimiandra, Befelatanana ary ny hopitalin'ny ankizy etsy Tsaralalàna. Tsy navelan'ny fikambanana tamin'izao koa anefa ireo mpiandry marary, izay anisan'ny tena miasa mafy. Nomena harona misy vary sy menaka, siramamy sy zavatra hafa izy ireny. Nahazo toy izany koa ireo zaza tsaboina rehetra niampy botofotsy 200, «couche», fanafody sy kilalao. Noho ny fangatahana voarain'ny fikambanana Motor show by Madagascar High Performance teny anivon'ireo hopitaly, notolorany fandriana 20 ny hopitaly. Tsiahivina, fikambanan'ireo mpankafy taranja mekanika, manodidina an'Analamanga no mivondrona ao anatin'ny Motor show by Madagascar High Performance. Nandritra iny andiany iny, dia ny 98 % n'ny fiara nampirantiana nandritra ny Motor show 2024. Ho tsara ny andiany faharoa, raha ny fangatahan'ny mpitsidika, manana fikasana hivelatra any amin'ny faritra izy ireo, toa an'i Boeny, Diana ary Atsinanana.

**Rabenaivo**


Marathon de Paris /andiany faha-47


# Nanjakan'ny Etiopiana lahy sy vavy ny fifaninanana


Teratany Etiopiana avokoa no nandrombaka ny laharana voalohany tamin'ny "Marathon de Paris", notanterahana tao Frantsa omaly. Teo amin'ny vehivavy, Fikir no tafavoaka voalohany, izay nahavita ny halavirana 42 km tao anatin'ny ora 2 sy 20 minitra ary 45 segondra. Mbola mpiray tanindrazana taminy koa ny teo amin'ny laharana faharoa, Tirashu, izay ora 2 sy 20minitra ary 48 segaondra no nahatongavana. Laharana fahatelo i Cherruyot, izay anisan'ny atleta sangany, nahavita ny fifaninanana tao anatin'ny ora 2 sy 21minitra ary 47segaondra. Niady ny fifanindrananq teo amin'ireto Andriambavilanitra ireto, ka teo amin'ny 0,7km alohan'ny hahatongavana vao nitsoaka tamin'ny alalan'ny "sprint" i Fikir ka nahazoany ny laharana voalohany. Teo amin'ny sokajy lehilahy kosa dia nazava ny fandresen'i M.Uma, teratany Etiopiana, nahavita ny halavirana 42 km tao anatin'ny ora 2 sy 5 minitra ary 33segaondra. 26taona ny tenany, izay somary nahatsikaiky kely ihany ny fahadisoan-dalana teo amin'ny tsipika mahitsy farany hidirana amin'ny "arrivée". Soa fa misy ireo olona miandraikitra amin'ny fikarakarana nanoro lalana azy. Tany amin'ny laharana fahatelo kosa i E.Rotich, ilay tompon'ny zavabita tsara indrindra hatramin'izay, ora 2 sy 4minitra ary 21 segaondra,ho an'ity "Marathon de Paris" ity. Raha hiverenana, nahatratra hatramin'ny 54000 no isan'ireo olona nihazakazaka tamin'iny andiany faha-47 iny ka ny 31% tamin'izany dia teratany vahiny avokoa, ka tsy diso anjara tamin'izany ny teratany Malagasy.

**Rabenaivo**





## Sarisary zary tenany

*Tsy sahy*




## Masoandro Miposaka

**JAONA 12 : 44-45**

**44 Ary Jesosy niantso ka nanao hoe: Izay mino Ahy, dia tsy Izaho no inoany, fa Izay naniraka Ahy.**

**45 Ary izay mahita Ahy dia mahita Izay naniraka Ahy.**

## Indray mipika



Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

*Misao*







## Ohabolana



**Ny ditra maha-keli-ray.**

L'entêtement empêche de croître.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3215**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | | 5 | | | | 1 |
| | | 5 | | | | 9 | | |
| | 4 | 2 | 6 | | 9 | 3 | 8 | |
| 2 | | | | 6 | | | | 7 |
| | | 7 | 1 | | 4 | 8 | | |
| | 9 | | | 8 | | | 1 | |
| 3 | | 1 | | 4 | | 7 | | 8 |
| | 7 | | | | | | 5 | |
| | | 6 | 3 | | 7 | 1 | | |

Valin'ny laharana **3214**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 9 | 8 | 3 | 7 | 5 | 4 | 2 | 1 |
| 4 | 3 | 7 | 1 | 2 | 8 | 6 | 5 | 9 |
| 2 | 1 | 5 | 9 | 4 | 6 | 3 | 7 | 8 |
| 3 | 8 | 4 | 5 | 6 | 2 | 1 | 9 | 7 |
| 1 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 2 | 4 | 3 |
| 9 | 7 | 2 | 4 | 3 | 1 | 5 | 8 | 6 |
| 8 | 4 | 3 | 6 | 5 | 7 | 9 | 1 | 2 |
| 7 | 6 | 9 | 2 | 1 | 4 | 8 | 3 | 5 |
| 5 | 2 | 1 | 8 | 9 | 3 | 7 | 6 | 4 |

Fizahantany

# Miantsona ao Mahajanga ny sambo lehibe mitondra Amerikanina 148



**Ity ilay sambo "Paquebot National Explorer" mitondra amerikanina ao Boeny ao.**

Mpizahatany amerikanina 148 no niantsona tao Mahajanga omaly niaraka tamin'ny Paquebot National Explorer. Efa nandalo tany Toliara sy Morondava izy ireo rehefa avy any Duban. Sambany niantsona teto ity sambo lehibe miaraka amin'ny Tantsambo 100. Voalaza fa mila 2 taona raha kely indrindra ny fikarakaraka ny fahatongavan'ny Paquebot iray amin'ny toerana iray ary mitondra tombontsoa betsaka ho an'i Madagasikara izao fandalovany izao. Nisolo-tena an'Atoa Governora niakatra nitsidika azy io ny Tale kabinetran'ny Faritra androany 7 Aprily. Fomba iray hahafahana mampiditra vola vahiny sady hahafahan-tsika mampitombo ny harinkarena ary mampiroborobo ny Fizahantany. Mazava ho azy fa manararaotra mitsidika ireo toeramanatantara sy ahitana ireo karazan-javamananaina tsy misy afa-tsy eto amintsika ireto mpizahatany ireo. Nisy noho izany ireo nandeha nitsidika ny Lac Sacré any Ampitolova, ao ireo nitsidika ny Parc Ankarafantsika ary ireo nanao « Tour de ville ». Manana toeram-pialana voly sy park ary fari-dranomasina mahaliana ny maro tokoa ny faritra Boeny ary vidian'ireo vahiny lafo tokoa ny fahafahana mitsidika izany. Ao Ankarafantsika fotsiny, misy ireo gidro sy bibilava ary voay miaina any anaty natiora izay hifanotofan'ireo mpianatra mpikaroka teratany vahiny sy fahafantarana ny tantarany. Tsy ho diso anjara ihany koa ny resaka kolontsaina ka hisy noho izany ny fampisehoana ny dihy tena malagasy sy hahafantarana ny faritra Boeny ho tanterahina ao amin'ny hotely Baobab Tree iarahana amin'ireo Mpizahatany ireo mialoha ny hiakarany ny sambo indray. Voalaza fa aorian'ny fandalovana eto Mahajanga dia ho any « Tanzanie » ity Paquebot mitondra teratany Amerikanina an-jatony ity.

**Nath**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 624 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000


Nahandro

## Voanjobory sy ravimboatavo

Zavatra ilaina : voanjobory lena voavaofy 3 kapoaka, ravimboatavo ½ kilao, voatabiha 2 voatetika, tongolo egypta 2 voatetika, menaka 2 sotro, sira. Fomba fikarakarana azy : ampangotrahana ny rano dia arotsaka ny voanjobory voasasa. Esorina ny kiran' ny ravimboatavo. Sasana ny ravimboatavo, kosehina amin'ny tanana dia tetehina. Arotsaka ao amin'ny voanjobory. Asiana sira rehefa malemy ny voanjobory. Endandasina ny voatabiha sy ny tongolo ary ny sira. Afangaro amin'ny voanjobory ny lasaosy.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**05 avril au 12 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

***HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny omaly dia efa lasa sy tsy azo averina intsony. Andeha hahitsy ny androany hiainana am-pahasambarana sy hisaorana ny ao Ambony, ka ho hazavana manjopiaka no hiatrehantsika ny ampitsontsika. »
Ny Vetso (15.10.16)
("On ne peut pas corriger le passé, mais on peut corriger le présent pour vivre bien le futur.")

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.45 : Salama Va
08.00 : Dessins animés
10.00 : Ankarihary ®
11.00 : Mahery ®
12.00 : Météo
12.10 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.00 : A Votre Santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : Journal International
16.45 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : FULL Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Romantique
23.00 : Journal International
23.45 : Film Dramatique
02.30 : Magazine
05.00 : Série ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

KOLO TV

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.20 : Kolo Ts'Art ®
14.10 : Tables de Mada
14.30 : Zik Zag ®
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : K-Sport
21.15 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**************

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# TENY REHETRA TENY



Nampahafantaran'i Poety Rebely tetsy amin'ny CGM Analakely ny fivoahan'ny rakitsary “Kônfesiko”.



Nafana ny fiarahan'i Reko Band sy ny mpankafy azy tetsy Antsahamanitra.




Tetikasa tontolo voajanahary lovainjafy amin'ny ilany atsinanan'i Madagasikara" ho fiarovana ny tandavanala COFAV sy fanamafisana ady amin'ny fiovan'ny toetrandro.




Nisy ny fanolorana fitaovana teny ifotony nataon'ny minisitra Max Fontaine.

Fifidianana depiote

## Mandray anjara feno ny Antoko Fy-M

Voapetraka omaly alahady 07 aprily 2024 foakandro, teny amin'ny OVEC ny antontan-taratasy mirakitra ny firotsahan-kofidian'ny kandidan'ny antoko Fy-M hifaninana ao amin'ny Firaisana I. Ny Fy-M, na Fandrosoa Faritsy Iaby ho an'I Madagasikara, dia antoko vao misandratra nefa vonona tanteraka ny handray anjara amin'ny ambaratongam-pifidianana rehetra eto Madagasikara. Taorian'ny fifidianana filoham-pirenena 2023 teo dia izao mandray anjara amin' ny fifidianana depiote izao indray ny antoko Fy-M. Manana kandidà efatra izy amin'izany, ka ankoatra ny ao amin'ny Firaisana I Antananarivo-Renivohitra. Manana kandidà ihany koa ny Antoko ao Antsalaova (Faritra Melaky), tarihan' Atoa Franck ; ao Arivonimamo tarihan'Atoa Tsiry ary Atoa Olivier ny ao Ambilobe. “*Andao hiaraka hanorina fiarahamonina vaovao hanome tanjaka ny Firenentsika mba hisy fiadanana amin'ny Malagasy tsy vakivolo eran'ny faritra rehetra*”, hoy ny filoha mpanorina ny Fy-M, Raderanirina Sendrison. Mba hahatongavana amin'izany dia mila miara-miasa ny fokonolona sy ny avara-pianarana ary ny Fanjakana.



Vonona hitondra ny anjara birikiny hoan'ny Firenena hatrany izy.

**Fitsinjaram-pahefana tena izy**

Anisan'ny manana fotokevitra mafonja hitondrana ny tany sy ny Firenena Atoa Raderanirina Sendrison, ka nahatonga azy nirotsaka kandida filoham-pirenena farany teo. Tarigetran'ny Antoko tarihiny ny hametraka ny fokonolona ho masi-mandidy sy tsy hampivangongo ny fahefana eo anivon'ny fitondrana foibe. Izany hoe hampanjaka ny fitsinjaram-pahefana tena izy mba hisian'ny fampandrosoana miainga any ifotony. Koa izay lalantsaina izay no nisafidianana ireo kandida narotsaky ny Antoko ireo. Izany hoe olona mahafeno ny fepetra amin'ny fahavononana hampandroso sy hitondra fandrosoana amin'ny lafiny rehetra. Ka tsy hampitsanga-menatra ny Antoko sy ny tarigetrany.

**Fy**

Soafilira Princia

## Nihaona tamin'ny vahoakan'Analalava

Tsy nanadino ny vahoakan'Analalava ny Minisitry ny mponina teo aloha, Soafilira Princia. Tonga nihaona tamin'ireo vahoaka tany an-toerana ny tenany tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, ary marobe ireo olona nitsena azy tamin'izany. Nisy ny nofon-kena mitam-pihavanana niarahany tamin'ireo vahoaka, ka nanolorany omby efatra sy vary 10 gony ary ranom-boankazo ho an'ireo vahoaka. Nisy koa ny fanolorana lelavola 4, 5 tapitrisa Ariary ho fanatsarana sy fanampiana ireo fikambanam-behivavy sy tanora ary sojabe. Nisy ny fifanakalozan-kevitra niarahany tamin'ny vahoaka tao an-toerana, izay nijerena ny fomba hampandrosoana ity distrika ity raha tsy hilaza afa-tsy ny lalana fotsiny. Marihina fa kandidà solombavambahoaka avy amin'ny IRMAR i Soafilira Pricia, ka efa tontosa tamin'ny zoma lasa teo ny fametrahana ny antontan-taratasy rehetra firotsahan-kofidiany.

**R. Muray**



Mamy hoditra any amin'ny tany niaviany i Soafilira Princia.



Telma
ZARA KADOA
PASKA SAMBATRA
00:38
30 AVRIL
Telma
KADOA
+ BONUS 500 Mo*
+ BONUS 1Go*
WIKIF MAX 4G
59 000 AR TTC
79 000
I FEEL PRIME
89 000 AR TTC
129 000
Hitanao eny @ TELMA SHOP
Fihenam-bidy manankery ny 27 Martsa hatramin'ny 30 Aprily 2024
www.telma.mg
Telma Madagascar
(*) Ho avaozina isam-bolana ny méga anao mandritry ny 6-bolana I Bonus manankery 7 andro
GCL 800/1-1